Fifidianana Mpanoratry ny Taona

Mainty Kely, Johana Ra, Benja Ratsimba, Hary Razafy, M'Umpy Ann

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko
www.koloiko.com

Famintinana

Horesahina ato anatin'ity famakafakana ity ny mombamomba ny fifidianana izay ho *Mpanoratry ny Taona* sy ny fitsipika vaovao harahina amin'izany fifidianana izany. Ireo fitsipika ireo dia vokatry ny fifanakalozan-kevitra niarahan'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* tamin'ireo fikambanana mpanoratra sy mpanoratra malagasy maro isan-karazany.

Teny manan-danja: Asa soratra, mpanoratra, teny Malagasy.

1. Fampidirana

Ny anaram-boninahitra *Mpanoratry ny Taona* dia natokana homena izay mpanoratra mendrika indrindra sy nisongadina tamin'ny ezaka nataony nandritra ny taona. Tena manan-danja eo amin'ny fiainan'ny mpanoratra iray ny fahazoana io anaram-boninahitra io ka izany no nahatonga anay ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (KHT) hikarakara isan-taona ny fifidianana izay mpanoratra mendrika hotolorana azy. Efa roa taona misesy izao no nanaovanay ny fikarakarana izany fifidianana izany.

Ilaina koa ny fifidianana ny Mpanoratry ny Taona ho famporisihana ny mpanoratra hivoatra sy hisian'ny fifaninana masina eo amin'izy ireo. Sarotra anefa ny fanantanterahana azy, indrindra amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, satria mihamaro an'isa ny mpanoratra malagasy ary hita tokoa ny ezaka ataon'izy ireo tsirairay avy hampivoarana ny asa sorany. Samy manana ny talenta mampiavaka azy daholo izy rehetra. Ao ireo havanana amin'ny tononkalo, riankalo, tantara foronina, sombintantara, tantara filalao an-tsehatra, sns. "Toy ny papangolahy anaty katsaka," hoy ny fitenenana, "ka izay mivoaka babany avokoa."

Misy amin'ireo mpanoratra ireo ny namoaka ny asa sorany tao anatin'ny *Takelaka Tsara Soratra* [13, 14] toa an'i **Joseclaudio, Soanja Estelle, Barry**

Sirjon, Aingampanahy Feon'ny Saina, na tao amin'ny *Havatsa Notsongaina* [15] toa an'i **Ravorombato** sy **Hobiana**.

Maro koa ireo mpanoratra no namoaka boky mitokana toa an'i **Zara Ainga** [1], **Hobiana** [4], **Soamiely Andriamananjara** [2], **Môssieur Njo** [7], **Volatiana Rahaga** [9], **Avelo Nidor** [6], **Roël Ranarivelo** [12]. Ao ireo manao velakevitra toa an'i **Ravorombato** sy **Hobiana**. Misy ny mitety faritra mihitsy manao hetsika hanaparitahana ny asa sorany toa an'i **Avelo Nidor** sy **Riambola Mitia**. Ao koa ireo manasongadina ny talentany amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana isan-karazany, na mizara ny asa sorany amin'ny alalan'ny radio sy tambazotra sôsialy.

Samy hita mampiseho ny maha izy azy ao anatin'ireny rehetra ireny daholo na ireo mpanoratra efa ela nihetezana na ireo vao misandratra. Santionany ihany ny anarana mpanoratra voatanisa ato anatin'ity famakafakana ity satria analiny ireo mpanoratra malagasy ary misy talenta vaovao miforona foana isan'andro.

Na sarotra toy izany aza ny fifidianana dia nirotsaka an-tsehatra izahay nikarakara azy, nisedra ireo sakana isan-karazany. Mety hisy angamba hilaza hoe "misora-tena toa voatango" ny KHT raha nanolo-tena nandray antanana ny fikarakarana, na "toy ny bingo manao matso ka misalovana ny anjaran'ny sasany." Sanatria izany tompoko. Noho ny fitiavanay ny tenindrazana sy ny fahatsapanay ny hasarobidin'ny asa soratra malagasy no nahatonga anay hanolo-tena hanao ny fikarakarana ny fifidianana ny Mpanoratry ny Taona, ary ampanetre-tena lehibe no anaovanay izany.

Nandritra izay roa taona izay dia tamin'ireo mpanoratra izay nametraka ny asa sorany hofantatray tao amin'ny Facebook ihany no nisafidianana izay hahazo ny anaram-boninahitra. Araka ny hetahetan'ireo mpanoratra malagasy anefa dia tokony hitarina sy sokafana ity fifidianana ity, ka noho izany, rehefa avy nifanakalo hevitra imbetsaka tamin'ireo mpanoratra izahay dia nanapa-kevitra ny hanokatra ny sehatra amin'ireo mpanoratra hafa ivelan'ny KHT. Mba hanatanterahana izany fisokafana izany, dia ilaina koa ny fanovana ny fitsipika mifehy ny fifidianana.

Hotaterina aminareo eto ary ilay fitsipi-pifidianana vaovao izay hampiharina manomboka amin'ity taona ity. Alohan'izany anefa dia holazalazaina fohifohy ny momba ny vondrona KHT sy ny tantarany, hazavaina koa ny momba ilay fitsipika teo aloha sy ny lesoka hita teo aminy.

2. Ny Vondrona Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Ny *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* dia vondrona iray manao ezaka manokana hamerina amin'ny hasiny ny teny Malagasy. Tamin'ny taona 2010 no niforonan'ny vondrona tao amin'ny Facebook ary mbola ao amin'ny Facebook ihany no tena ifaneraserana sy ifampizarana vaovao hatramin'izao. Efa nahavita hetsika isan-karazany ny KHT nandritra izay valo taona niforonany izay toy ny fifaninanana, ny kônferansa, ny fifidianana ny mpanoratry ny taona, sns. Manana tranokala manokana koa ny KHT (www.koloiko.com). Hita ao amin'io tranokalala io ny tatitra momba ireo hetsika efa vita sy mbola hatao, boky, ary *Wiki* izay misy lahatsoratra fanadihadiana, tantara, rakibolana, sns. Maro ireo fikambanana sy olon-tsotra manohana ny KHT amin'ny ezaka izay ataony.

Mamelà anay ianareo hilazalaza fohifohy ny momba ny KHT satria mety misy amin'ny mpamaky no sambany vao nahare izany anarana izany.

Vondrona iray manao ezaka manokana hamerina amin'ny hasiny ny teny Malagasy ny Koloiko sy Hajaiko ny Teniko. Niforona tamin'ny 28 Febroary 2010 izy. Anarana hafa no nentiny tany am-boalohany saingy novaina ilay anarana taty aoriana noho ny antony maro samihafa. Tao anatin'ny tambazotra sôsialy Facebook no niforonany ary hatramin'izao dia mbola ao ihany aloha no tena ifaneraseran'ny mpikambana sy ifampitana vaovao.

Manana tranokala azy manokana koa ny KHT (www.koloiko.com). Ao amin'io tranokala io no ametrahana ny vaovaon'ny vondrona sy ny tatitra rehetra momba ny hetsika efa natao hatramin'izay sy ireo izay mbola hotanterahina. Voarakitra an-tsoratra ireny tatitra ireny ary azon'ny rehetra alaina ao amin'ny tranonkala.

Hitanao ao amin'io tranokala io koa ireo *fitsipi-panoratana* izay natao indrindra mba hanampiana ireo mpanoratra amin'ny asa soratra ataony, ireo boky isan-karazany izay azo alaina maimaimpoana toy ny boky fampianarana kabary, ny edisiona fahatelo amin'ilay boky *Rotsirotsy* nosoratan'i **Ny Rahona**, mirakitra ireo tsianjery nampalaza azy toy ny "Etsy babeko Razandry," "Fetinao anio ry neny," sns. Ao amin'ny tranokalan'ny KHT irery ihany no ahitanao ny edisiona fahatelo amin'io boky nosoratan'i **Ny Rahona** io. Nisy fanitsiana natao tamin'io boky io raha oharina amin'ny edisiona teo aloha [3]. Isaorana manokana ny zanany **Benja Ratsimba**—izay anisan'ireo ekipa mitantana ny KHT—nanome alalana hamoaka azy.

Ambonin'izany dia misy *Wiki* koa ao amin'ny tranokalan'ny KHT. Hita ao ireo lahatsoratsa fanadihadiana samihafa, ohabolana malagasy, tantaran'ny Madagasikara sy ireo olo-malaza Malagasy, ary indrindra indrindra ny *rakibolana* izay tena mbola ao anatin'ny fanamboarana azy tanteraka. Ilaina tokoa ny fanamboarana rakibolana vaovao amin'izao vaninandro iainantsika izao satria maro dia maro ny voambolana malagasy niforona taorian'ny nivoahan'ilay rakibolana nosoratan'i **Rajemisa-Raolison** [10]. Tokony hotohizana koa ny ezaka izay natombok'i **Manoa sy ny namany** amin'ny fanaovana ny rakibolana ho an'ny ankizy [5], ary ny nataon'i **Rabenandrasana** sy **Ramino** amin'ny fanaovana diksionery sy rakipahalalana [11, 8].

2.1. Hetsika Natao

Ankoatry ny fifidianana ny Mpanoratry ny Taona dia betsaka ny hetsika efa vitan'ny KHT nandritra izay valo taona nijoroany izay. Anisan'izany ireo fifaninanana isan-karazany toy ny fifaninanana tononkalo, sombintantara, ary fitafy nentin-drazana.

Efa nidina ifotony teny amin'ireo lisea ny KHT nanentana ny mpianatra amin'ny fitiavana ny teny Malagasy. Anisan'ny notsidihina tamin'izany ny kôlejy La Shekinah eny Ambatofotsy. Nanokana fotoana ny KHT nitondra ireo mpianatra nitsidika ny Rovan'Antananarivo mba hofampahafantarana azy ireo ny tantaram-pirenena, vakoka, ary kolontsaina malagasy.

Ny KHT koa no nikarakara ny andiany voalohany tamin'ny *Kônferansa Momba ny Soratra* (KMS), izay natao teto Antananarivo tamin'ny volana Novambra 2017. Kônferansa iray natao ifanakalozan-kevitra momba ny soratra sy ny tontolony izy io. Enina ireo mpanao velakevitra nandray anjara. Tamin'ireo mpanao velakevitra ireo dia nisy ny poeta (**Ny Andriniela** sy **Rima**), mpanao gazety (**Hary Razafindrakoto**), mpampianatra (**Aja**), ary ireo mpanao *slam* sy *rap* (**Poète Rebelle** sy **Farah Davinah**). Nahaliana tokoa ny famelabelaran-kevitra nandritra ny kônferansa ary samy nandray anjara mavitrika tamin'ny adihevitra daholo na ireo mpanatrika na ireo mpanao velakevitra. Tanjon'ny KHT ny hanatontosa io kônferansa io isan-taona.

Azonareo jerena ao amin'ny tranokalan'ny KHT daholo ny antsipiriany rehetra mikasika ireo hetsika rehetra ireo.

2.2. Mpiara-miasa sy Mpanohana

Maro ireo fikambanana sy olon-tsotra miara-miasa sy manohana ny KHT amin'ireny hetsika ataony ireny. Ireto avy izy ireo:

- Zoromanga,
- UNESCO,
- Restaurant Haitsiron'Iarivo,
- Librairie Antso FJKM,
- Institution FJKM Rainandriamampandry,
- Ranjasoa Publishing,
- Faribolana Sandratra,
- Western Union,
- Gazety Taratra,
- Ako Miantefa,
- Ireo olon-tsotra maro.

Mahafinaritra ny fiaraha-miasa amin'ireo mpanohana rehetra ireo ary araraotina etoana ny fisaorana mitafotafo azy rehetra.

3. Fitsipi-pifidianana Teo Aloha

Tsotra dia tsotra ny fitsipika narahina teo amin'ny fifidianana teo aloha. Ireo mpanoratra izay nametraka ny asa sorany tao amin'ny pejy Facebook an'ny KHT sy ireo izay nisongadina tamin'ny hetsika nataon'ny KHT no nisafidianana. Nisy dingana roa ny fifidianana ka izay telo betsaka mpifidy indrindra no tafakatra tamin'ny dingana faharoa, ny anankiray izay nandresy tamin'ireo telo ireo no nomena ny anaram-boninahitra. Ny lesoka tamin'ilay fitsipika teo aloha dia: niankina tanteraka tamin'ny habetsaky ny namany tao anaty Facebook ny fahalanian'ny mpanoratra iray tamin'ny fifidianana. Izany hoe raha ity fitsipika ity foana no hampiharina dia na mahay toy ny inona aza ny mpanoratra iray ka vitsy namana ao anaty Facebook dia sarotsarotra ho azy ny hahazo ny anaram-boninahitra.

Manomboka eto ary isika dia hiresaka ny momba ny fifidianana ny Mpanoratry ny Taona. Araka ny voalaza etsy amin'ny Fizaràna 1, efa roa taona misesy izao no nikarakaran'ny KHT io fifidianana io. Tamin'ny alalan'ny Facebook hatrany no nanatanterahana azy. Nisy dingana roa ny fifidianana ka toy izao manaraka izao ny fitsipika narahina tamin'izany.

3.1. Dingana voalohany

Nojerena ireo mpanoratra nisongadina tamin'ireo fifaninanana sy hetsika notontosain'ny KHT nandritra ny taona, nampiana ireo mpanoratra navitrika nametraka ny asa sorany tao amin'ny pejy Facebook an'ny KHT. Naroso hofidian'ny mpakafy ireo rehetra ireo ka izay telo betsaka mpifidy indrindra no tafakatra amin'ny dingana faharoa.

3.2. Dingana Faharoa

Naroso hofidian'ny mpakafy indray ireo telo tafakatra tamin'ny dingana faharoa ka izay iray betsaka mpifidy indrindra no lany ho Mpanoratry ny Taona.

Nangarahara tanteraka ny fifidianana satria afaka nanisa vato daholo ny olona rehetra. Nandritra izay roa taona izay dia i **Dafy Noely** hatrany no nahazo ny anaram-boninahitra.

3.3. Lesoka Tamin'ny Fitsipika Teo Taloha

Ny tena lesoka goavana tamin'ny fitsipika teo aloha dia izao: ny mpakafy an'ireo mpanoratra izay mahita ny asa sorany ao anaty Facebook ihany no afaka mifidy azy, izany hoe izay mpanoratra manana namana betsaka indrindra ao anaty Facebook ihany no azo antoka ho lany. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia miankina tanteraka amin'ny habetsaky ny namany ao anaty Facebook ny fahalanian'ny mpanoratra iray amin'ny fifidianana. Na dia mahay toy ny inona aza izany ny mpanoratra iray ka vitsy namana ao anaty Facebook dia sarotsarotra ho azy ny hahazo ny anaram-boninahitra.

Raha io fitsipika io foana no hampiharina dia mety hisy mpanoratra iray izay tena mendrika sy nisongadina nandritra ny taona nefa resy amin'ny fifidianana satria vitsy namana ao anaty Facebook ka lasa olon-kafa indray no hotolorana ny amboaran'ny Mpanoratry ny Taona.

Raha ny momba an'i **Dafy Noely** manokana anefa no resahina dia sahinay no milaza hoe sady betsaka ny namany tao anaty Facebook no mendrika sy nisongadina koa izy teo amin'ny asa sorany ka rariny sy hitsiny raha azony ny anaram-boninahitra.

4. Fitsipi-pifidianana Vaovao

Natao ny fitsipika vaovao mba hanarenana ireo lesoka rehetra tamin'ny fifidianana teo aloha. Ireo fikambanana mpanoratra malagasy no tena homena sehatra. Ny tena mampiavaka azy ity dia ny fisian'ny mpitsara manokana hitsara ny fifaninanana.

Indro ary aroso anareo amin'izay ilay fitsipi-pifidianana vaovao. Ity fitsipika ity dia natao mba hanarenana ireo lesoka rehetra voalaza tetsy amin'ny Fizaràna 3.3. Ireo fikambanana mpanoratra malagasy no tena homena sehatra amin'ity fifidianana ity satria afaka manolotra olona hofidiana daholo izy rehetra. Ny tena mampiavaka azy ity amin'ilay fitsipika teo aloha koa dia ny fisian'ny mpitsara manokana hitsara ny fifaninanana.

4.1. Masontsivana

Izay mpanoratra nisongadina indrindra nandritra ny taona vokatry ny ezaka nataony no omena ny anaram-boninahitra. Jerena amin'izany ny:

- fankasitrahana na fifaninanana azony,
- seho nisongadina nataony,
- habetsaky ny asa soratra navoakany,
- fankafizan'ny olona ny asa sorany.

4.2. Fizotry ny Fifidianana

Misy dingana roa ny fifidianana.

Dingana voalohany (volana Novambra - Desambra):

- misafidy olona *iray* ny fikambanana mpanoratra tsirairay,
- misafidy olona *iray ivelana fikambanana* ny KHT,
- ireo olona voasafidy eo ambony ireo no miakatra amin'ny dingana faharoa,
- mandritra io fotoana io koa no isafidianana olona *dimy* ho mpitsara amin'ny dingana faharoa,
- avoaka miaraka ny anaran'ireo voafidy hiakatra amin'ny dingana faharoa sy ny anaran'ny mpitsara.

Dingana Faharoa (volana Janoary):

- miditra an-tsehatra amin'izay ireo mpitsara sy ireo olona mpankafy,
- omen'ny mpitsara naoty 1 – 20 ireo teboka etsy amin'ny Fizaràna 4.1,
- misafidy izay heveriny ho Mpanoratry ny Taona ny mpankafy,
- omen'ny mpitsara isa 1 – 10 io safidin'ny olona io ary atao *bonus* ho an'ilay mpanoratra.

4.3. Fomba Fifidianana ny Mpanoratry ny Taona

- Atambatra ireo isa rehetra omen'ny mpitsara.
- Ampiana ny naoty omen'ny mpakafy (i.e. ilay *bonus*).
- Izay mahazo naoty betsaka indrindra no lany ho Mpanoratry ny Taona.

5. Fanamarihana

1-) Azo atolotra hofidiana Mpanoratry ny Taona daholo ny *mpanoratra malagasy rehetra* na monina eto Madagasikara izy na monina any ivelany.

2-) Ny olona atolotry ny *fikambanana mpanoratra* ihany no azo ekena.

3-) Olona *iray* ihany no atolotry ny fikambanana iray hofidiana Mpanoratry ny Taona amin'ilay dingana voalohany, na fikambanana lehibe izy na fikambanana kely. Ny fikambanana tsirairay avy no manao ny fandaminana ny fifidianana sy fifanintsanana ao anatin'izy ireo amin'io ka rehefa vita izany dia manolotra olona *iray* izy hisolotena azy. Roa volana no fotoana omena ireo fikambanana hanaovany izany fifidianana izany.

4-) Ny ekipan'ny KHT no mifidy ny mpitsara. Afaka manome soso-kevitra ihany anefa ny olona, fikambanana, na vondrona hafa.

5-) Ny mpitsara no manapaka farany hoe iza no mpandresy, ary ny fahaizan'ilay mpanoratra araky ny *masontsivana* etsy amin'ny Fizaràna 4.1 ihany no itsarana azy.

6-) Ao amin'ny tranokalan'ny Koloiko sy Hajaiko ny Teniko irery ihany no anaovana ny fifidianan'ny mpakafy.

7-) Amin'ny fotoana hanomezana ny loka izay vao havoaka ho fantatry ny rehetra ny voka-pifidianana ôfisialy.

6. Famaranana

Eo anatrehan'ny olana mahazo ny *taxi-brousse* anankiray dia misy karazany telo ireo mpandeha ao anatiny. Ao ireo mirotsaka an-tsehatra avy hatrany manampy ny mpamily manosika ny fiara, manao izay hamelomana sy hampandeha azy indray. Ao ireo mitazana fotsiny eny amin'ny sisiny satria mantsy mieritreritra izy ireny hoe efa niala vola nandoa saran-dalana hono ka noho izany dia adidin'ny mpamily samirery no manamboatra ny fiara sy manao izay hamelomana azy ary manao izay hahatongavan'ireo mpandeha any amin'ny toerana halehany. Ny karazany fahatelo dia ireo mpandeha izay nanampy nanosika ihany saingy nijanona niala an-daharana noho ny hamafin'ny asa ary lasa nanampy isa ireo mpitazana.

Toy ny *taxi-brousse* manana olana ny tenindrazantsika ary mpandeha ao anatiny daholo isika Malagasy rehetra. Raha izahay ao amin'ny KHT manokana dia efa valo taona izao no nirotsaka an-tsehatra nanosika nanao izay hampandeha sy hameloman-kasina azy indray, ary vonona ny hanosika azy hatramin'ny farany.

Anisan'ny fanosehana ataonay ny fikarakarana ny fifidianana izay ho Mpanoratry ny Taona koa manantena anareo namana rehetra izahay mba hanome tanana amin'izany fanosehana izany.

Ny fitsipi-pifidianana izay naroso teto dia lavitry ny tonga lafatra. Azo atao hatrany ny manatsara azy arakaraky ny lesoka izay hita mipoitra eny an-dalana eny. Azonareo atao koa ny mitsikera sy mandefa soso-kevitra fanatsarana aty aminay.

Entanina ary isika Malagasy rehetra izay mamaky ity famakafakana ity mba hanampy isa ireo karazana mpandeha voalohany hanosika ny *taxi-brousse* ary hanao izay hamelomana azy indray. Irariana mba hihavitsy an'isa ireo karazana mpandeha faharoa izay variana mitazam-potsiny ny mpanosika, sy ireo karazany fahatelo izay niala an-daharana rehefa nahita ny hamafin'ny asa.

Entanina koa ireo mpanoratra namana mba hiezaka hatrany hampivoatra ny talentany ka hanao tanjona sy vaindohan-draharaha ny fahazoana ny anaram-boninahitra *Mpanoratry ny Taona.*

7. Bibliografia

[1] Z. Ainga. *Ilay Dokoterakeliko*. Autoproduction, 2018.

[2] S. Andriamananjara. *Tantaraiko Anao*. Ranjasoa Publishing, 2017.

[3] R. Georges. *Rotsirotsy*. UNESCO, 1971.

[4] Hobiana. *Adolantsento, Edition Spéciale*. Imprimerie PRIMA, 2011.

[5] Manoa, Retsihisatse, ary Velo. *Rakibolana ho an'ny Ankizy. Miampy Rakipahalalana. 8 taona miakatra*. IDAC/Le Zébu Francophone, 2010.

[6] A. Nidor. *Tononkira Fananganana ny Maty*. Ranjasoa Publishing, 2018.

[7] M. Njo. *Lisy Mianjoria*. Ranjasoa Publishing, 2016.

[8] L. F. Rabenandrasana. *Rakipahalalana*. Vohitsera, 2014.

[9] V. Rahaga. *Eritrelatra*. Ranjasoa Publishing, 2016.

[10] R. Rajemisa-Raolison. *Rakibolana Malagasy (edisiona faharoa)*. Ambozontany, 2003.

[11] Ramino. *Diksionery Malagasy–Malagasy*. Vohitsera, 2014.

[12] R. Ranarivelo. *Vato Ambany Riana*. Trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy (TPFLM), 2016.

[13] M. Ravelomanana, mpiandraikitra. *Takelaka Tsara Soratra*. Laharana 001. Ranjasoa Publishing, Septambra 2017.

[14] M. Ravelomanana, mpiandraikitra. *Takelaka Tsara Soratra*. Laharana 002. Ranjasoa Publishing, Mai 2018.

[15] H. UPEM. *Havatsa Notsongaina, Edition spéciale*. Imprimerie PRIMA, 2012.